Andriamatoa Filoham-pirenena,

Voninahitra ho anay **Fivondronan'ny fikambanan'ny tantsaha nasionaly miisa 06 (CPM, Réseau SOA, FVTM, FIFATA, KOLOHARENA, FEKRITAMA) amin'ny Faritra 23 izay misy eto Madagasikara, izay misolotena ny Fikambanana Tantsaha ifotony miisa 14 912 sy fianakaviana mpamokatra miisa 2 529 250 manerana ny Nosy,** izay manao sonia etsy ambany **ary misolotena ireo tantsaha mpamokatra maherin'ny 80%-n'ny mponina eto Madagasikara** no manoratra aminao, Andriamatoa Filoha, mikasika ny Tanin'olon-tsotra tsy vita titra, izay satan'ny tany, nentin'ny lalàna 2006-031, ***nametraka fa heverina ho tompony ireo mponina nipetraka teo amin'ny tany izay nomaintisiny molaly nandritry ny taona maro***, araka ny fomban-drazana (présomption de propriété). Ny karatany navoakan'ny Birao Ifoton'ny Fananantany eny anivon'ny kaominina no porofo natao hanamafisana sy hanamarinana izany zo fitompoana izany.

Araka ny efa fantatrao, dia nisy lalàna vaovao 2021-016, fanavaozana io lalàna 2006-031 momba ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra io, nolanian'ny Solombavambahoaka sy ny Senatera tamin'ny volana Jona teo. Maningotra mafy sy manitsakitsaka ny zon'ny tantsaha sy ny olom-pirenena maro an'isa eo amin'ny fananantany ny votoatin'io lalàna 2021-016 io ary misy teboka maro tsy mifanaraka amin'ny Lalam-panorenana. Koa nanoratra taminao sy tamin'ny mpikambana ao amin'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalam-panorenana izahay Vovonan'ny fikambanan'ny tantsaha nasionaly miisa enina - (CPM, Réseau SOA, FVTM, FIFATA, KOLOHARENA, FEKRITAMA), ny faha-7 Jolay teo niangavy ny tsy hankatoavanareo ilay lalàna vaovao.

Nivoaka tamin'ny faha-19 oktobra teo anefa ny fanapaha-kevitry ny Fitsaràna Avo momba ny Lalam-panorenana, izay hampahafantarina eto ambany ny ho fiantraikany eo amin'ny fiainan'ny Tantsaha. Ianao irery izany, Andriamatoa Filoham-pirenena, no hany sisa azonay antenaina hitsinjo sy hiaro anay Tantsaha izay maro an'isa eto amin'ny Firenena malagasy ka **iangavianay tsy hanasonia io lalàna vaovao io.**

**Ny fanapaha-kevitry ny Fitsaràna Avo momba ny Lalam-panorenana** laharana 17-HCC/D3 taminy 19 oktobra 2021 dia milaza fa zavatra roa no tokony hovaina ao amin'ny lalàna 2021-016 :

Voalohany, <u>fanesorana ny andininy faha-26</u> izay nilaza fa azon'ny Ben'ny Tanàna hatao ny manafoana karatany mandritry ny enim-bolana taorian'ny namoahany azy, raha toa ka misy antony hitany fa tokony hanafoanana azy.

Faharoa, <u>famaritana ny fe-potoana</u> ao <u>amin'ny andininy faha 21 sy 22</u>, mikasika ny

- ahafahan'ny olona mampiseho ny porofon'ny zom-pitompoany eo amin'ny tany anatin'ny faritra voakasiky ny fahazoan-dàlana hitrandraka harena an-kibon'ny tany, na titra izany na kara-tany izay mety ho mbola vao atombony ny fombafomba ahazoana azy, araka ny andininy faha-21 andalana faha-2,
- sy ahafahan'ny tompon'ny tany mampiseho ny karatany ananany mba ahazoany onitra rehefa misy fangalàn'ny Fanjakàna ny tany ho an'ny filam-bahoaka (expropriation pour cause d'utilité publique), ao amin'ny andininy faha-22, andalana alohan'ny farany.

« Haingana araka izay azo atao » mantsy no voalaza teo aloha tao amin'ilay lalàna 2021-016 fa tsy nisy fe-potoana voafetra. Fanamafisana ireo andininy roa ireo izay hanasarotra ny fiainan'ny tompon'ny tany tsy vita titra izany no nangatahan'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalam-panorenana.

Vokatr'izany, dia ireto tanisaina manaraka ireto **ny hevi-baventy voalaza ao amin'ny lalàna vaovao 2021-016** izay tena **mifanohitra amin'ny tombotsoan'ny sarambaben'ny mponina ary indrindra izahay mpamokatra .**

- **Ny tany rehetra nanomboka nomaintisinamolaly taorian'ny taona 2006 dia tsy ekena ho tanin'olon-tsotra tsy vita titra, izany hoe tsy ekena intsony ny maha-tompon'ny tany ny olona nonina sy nanajary teo araka**

**ny fomban-drazana, ary tsy mahazo mangataka kara-tany ny tompon'izy ireo.** Tsy maintsy mangataka titra izany ny tompon'ny tany voakasik'izany raha te-hanaporofo ny fitompoany.

- Ny tany nomaintisinamolaly talohan'ny taona 2006 na nanomboka ny taona 2006 ihany, ary **naharitra 15 taona izany fanamaintisamolaly izany,** no azo hangatahana kara-tany.

- **Ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra tsy ananan'ny tompony kara-tany dia azo alaina aminy, tsy misy onitra,** ohatra rehefa misy olona na orinasa manana fahazoan-dàlana hitrandraka harena ankibon'ny tany, na rehefa misy tetikasa voalaza fa ho an'ny filam-bahoaka ka voakasika ilay tany.

- **Foana tanteraka izany ny "fiheverana fa tanin'olontsotra ny tany efa nipetrahan'ny olompirenena sy nomaintisiny molaly nandritry ny fotoana ela"** izay nohamarinin'ny mpiara-monina sy ny ray aman-dreny eo an-toerana (présomption de propriété) satria lasa ny karatany no fototra ijoroan'ny zo fitompoana amin'ny Tanin'olon-tsotra tsy vita titra fa tsy ny fipetrahana aminy sy ny fanajariana azy intsony.

- Ny tany rehetra nanomboka nomaintisinamolaly taorian'ny taona 2006 sy ny tany rehetra anatin'ireo **kaominina miisa arivo mahery manerana ny Nosy izay tsy manana Birao Ifoton'ny Fananan-tany** (BIF) dia **titra no tsy maintsy angatahana hanamarinana ny fitompoana azy.**

Fianakaviana aman-hetsiny na aman-tapitrisany izay efa sahirana amin'ny fivelomana ny ankamaroany no tafiditra anatin'izany ka vao maika hiha-mahantra. Iaraha-mahalala anefa fa ny antony tsy ahafahan'izy ireo manana titra dia satria lafo ara-bola sy manahirana ara-potoana ny fahazoana azy, na eo aza ny fampanantenan'ny mpiandraikitra fa hihamora ny fahazoana titra rehefa vonona ny sary azo avy amin'ny zanabolana .

**Ireto avy Andriamatoa Filoham-pirenena ny ho vokatry ny fampiharana ity lalàna vaovao ity amin'ny tantsaha raha sanatria ka ho hankatoavinao :**

- **Ho very ny ezaka nataon'ireo tantsaha nividy tany na nanitatra ny tany novoleny taorian'ny taona 2006 sy efa nanajary izany,** izay tanora ny ankamaroany. Ny sasany amin'izy ireo anefa efa tsy afaka nandova ny tany nomaintisin'ny razambe sy ray aman-dreniny molaly noho ny fahakelezan'ny velaran-tany isam-pianakaviana rehefa nifampizaran'ny taranaka nifanesy. Ny hafa kosa dia tantsaha efa nanitatra ny tany hamokarany sy hampitombo ny fitaovam-pamokarany.

- **Hitebiteby andro aman'alina** noho ny tsy fahazoany antoka ny fahafahany mijanona ao amin'ny taniny sy hamboly ary hamelona ny fianakaviany ny tantsaha maro an'isa ka tsy afaka hamokatra milamina sy hifantoka amin'ny asa fanatsaràna ny asa sy ny vokatra ary ny fari-piainana.

- **Tsy hazoto hampiasa vola (hanao investissement) sy hiezaka hanatsara ny fitaovany sy fomba fiasany satria matahotra sao tsy ho tafapetraka ela eo amin'ny tany akory ny tantsaha,** eny fa na dia ireo efa nampandroso ny fahaiza-manaony sy nahavelona tsara ny fianakaviany aza saingy tsy mbola nahatakatra ny vola an-tapitrisany ilaina amin'ny fanatanterahana ny dingana rehetra takian'ny fahazoana titra. Marihina fa famporisihina ny tantsaha ho marin-toerana sy hampiasa vola amin'ny fampivoarany ny famokarany no anisan'ny tanjona nanaovana ny lalàna 2006-031 tamin'ny fotoanany. **Ary nankasitrahan'ny tantsaha sy nampitony ny ahiahiny io lalàna io.**

- **Fampahantrana sy fampijaliana ary fitondràna famoizam-po ho an'ny fianakavian'ny tantsaha izay maro an'isa eto amin'ny firenena no aterak'ity lalàna vaovao ity.** Tsy afaka hibanjina ny ho aviny amin'ny fomba

tony sy feno fanantenana intsony ny tantsaha satria na ireo nieritreritra fa nanana tany azon'ny taranany ho ho lovaina aza dia nofoanan'ity lalàna vaovao ity ny fanantenany sy tetikasany.

- **Maro amin'ny tantsaha anefa no efa voatery nivarotra tany** tamin'ny vidiny mirary nandritra iny fotoanan'ny Covid-19 iny noho ny fahasahiranana nateraky ny tsy fahasalamana tao an-tokantrano sy ny fihibohana tsy nahafahana nivarotra ny vokatra araka ny nahazatra isan-taona. Ny haintany koa efa nanomboka.

- **Hitombo ny olana sy disadisa aty ifotony eran'ny Nosy satria ho sarotra ny hamantatra amin'ny fomba hentitra ny taona marina nanombohan'ny fanamaintisamolaly ny tany tsirairay miohatra amin'ny taona 2006 sy ny faharetan'izany fanamaintisamolaly izany nandritry ny 15 taona.**

Andriamatoa FILOHA, FEHINY, MITOMBO BE NY ISAN'NY MPONINA, MIHENA FATRATRA NY VELARANTANY VOLENA ISAKY NY TANTSAHA,VAHAOLANA NY FANOMEZANA TANY AZY IREO ,ETO ANEFA DIA TOA HATAO VELOMA NY HOE « HAMORAINA NY FAHAZOANA HO TOMPONY NA MAMPIASA NY TANY » ARAKY NY LALANA TEO ALOHA RAHA SANATRIA KA HANASONIA ITY LALANA ITY IANAO.
SITRAKAY SY TENA FANIRIANAY NY HIHAONA MIVANTANA AMINAO HAHAFAHANA MIARA-MIDINIKA MAIKA.
INOANAY FA ZAVADEHIBE AMINAO ITY TRANGAN-JAVATRA ITY.

FIFATA, RAKOTOVAO Robert

KOLO HARENA, RANDRIANARIVELO Jules

FEKRITAMA, Randrianantenaina José

CPM, RANDRIANONY Louis Raymond

FVTM, RAZAFINDRASOA Hélène

RESEAU SOA RABEMANANJARA Safidy Vaninaina

**Laharana ahazoana: 034 80 876 02 / 033 37 540 31**